

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana

Loi n° 2004 - 049
autorisant la ratification de l'Accord pour l'Encouragement et la
Protection de l'Investissement conclu le 2 septembre 2004
entre la République de Madagascar et
le Fonds de l'OPEP pour le Développement International

EXPOSE DES MOTIFS

Dans le contexte actuel d'intensification et de libéralisation des relations économiques internationales, un accord pour l'encouragement et la protection des investissements a été signé entre le Fonds de l'OPEP et Madagascar le 02 septembre 2004.

OBJET DE L'ACCORD

A l'instar de tout accord international d'investissement, son objectif principal est de promouvoir et de protéger les investissements étrangers.

CONTENU DE L'ACCORD

Outre les définitions des divers termes utilisés, l'Accord contient un certain nombre de principes de droit international régissant le traitement et la protection des investissements étrangers, à savoir :

I - TRAITEMENT DES INVESTISSEMENTS :

1) Traitement de la partie la plus favorisée :

Les investissements de l'OPEP, tant sur les règles d'admission et les régimes de traitement, doivent, en conformité avec les lois et règlements en vigueur, bénéficier d'un traitement non moins favorable que celui accordé, dans des situations similaires, aux investissements d'autres institutions financières de développement multilatérales opérant sur le territoire.

Selon le principe de la partie la plus favorisée, si une autre institution

financière de développement multilatérale bénéficie d'un traitement plus favorable, l'OPEP est en droit de demander le même traitement.

Ce traitement couvre toutes les questions d'établissement, d'acquisition, de développement, de gestion, de poursuite, d'exploitation, de vente ou toute autre forme de cession des investissements.

Toutefois, le traitement de la partie la plus favorisée n'oblige pas Madagascar à accorder les avantages résultant de :

- toute union douanière, zone de libre échange ou organisation économique régionale dont le pays hôte (la République de Madagascar) est ou devient membre ; ou
- tout contrat ou accord bilatéral ou international relatif exclusivement ou essentiellement à la fiscalité._

2) Transparence :

Madagascar s'assure que ses lois et règlements, et toutes les pratiques et procédures administratives, judiciaires de portée générale, qui concernent les investissements soient publiés ou mis à la disposition du public conformément à la législation applicable sur le territoire.

3) Traitement juste et équitable :

Madagascar accorde un traitement juste et équitable et une protection requise aux investissements du Fonds OPEP sur son territoire. Il offre des moyens pour permettre au Fonds de faire valoir ses droits et ne prend pas des mesures déraisonnables ou discriminatoires à la gestion, la poursuite, l'exploitation, la vente ou toute autre forme de cession des investissements de l'OPEP.

II - PROTECTION DES INVESTISSEMENTS :

1) Protection contre l'expropriation :

Madagascar s'abstient d'exproprier ou de nationaliser, directement ou indirectement par le biais de mesures équivalant à une expropriation ou une nationalisation, les investissements du Fonds OPEP, sauf pour des causes d'utilité publique, sans discrimination, conformément à une procédure régulière et contre le versement d'une indemnité appropriée.

2) Dispositions relatives aux pertes subies :

Le traitement de la partie la plus favorisée est accordé au fonds OPEP pour toutes les mesures relatives aux pertes subies par ses investissements du fait d'une guerre ou de tout autre conflit armé, d'une révolution, d'un état d'urgence national, d'une insurrection, de troubles civils ou de circonstances similaires.

3) Dispositions relatives aux paiements et transferts :

Madagascar permet les transferts hors de son territoire des fonds relatifs aux investissements du Fonds OPEP, en application des lois en vigueur.

Toutefois, les transferts ne concernent pas les lois relatives à :

- la faillite , l'insolvabilité, la protection des droits des créanciers ;
- l'émission, la négociation ou le commerce de valeurs mobilières ;
- les infractions pénales ;
- le respect des ordonnances ou décisions rendues dans les procédures judiciaires

4) Recours en cas de différend :

En cas de différend découlant de l'accord, les parties s'efforceront de le régler par le biais de consultation. A défaut d'accord, les parties auront recours à un tribunal arbitral ad hoc selon le Règlement d'arbitrage de la Commission des Nations Unies pour le Droit Commercial International (CNUDCI).

5) Durée de validité de l'Accord

L'Accord pour l'Encouragement et la Protection de l'Investissement reste en vigueur pour une période de dix ans.

6) Résiliation de l'Accord

Chacune des parties peut résilier l'Accord au terme de la période initiale de dix ans ou à tout moment par la remise d'un préavis d'un an à l'autre partie.

Tel est l'objet de la présente Loi.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana

Loi n° 2004 - 049
autorisant la ratification de l'Accord pour l'Encouragement et la
Protection de l'Investissement conclu le 2 septembre 2004
entre la République de Madagascar et
le Fonds de l'OPEP pour le Développement International

L'Assemblée nationale et le Sénat ont adopté en leur séance respective en date du 16 décembre 2004 et du 22 décembre 2004, la Loi dont la teneur suit :

Article premier - Est autorisée la ratification de l'Accord pour l'Encouragement et la Protection de l'Investissement conclu le 2 septembre 2004 entre la République de Madagascar et le Fonds de l'OPEP pour le Développement International.

Article 2 - La présente Loi sera publiée au Journal Officiel de la République. Elle sera exécutée comme Loi de l'Etat.

Antananarivo, le 22 décembre 2004

**LE PRESIDENT DE L'ASSEMBLEE
NATIONALE**

LE PRESIDENT DU SENAT

LAHINIRIKO Jean

RAJEMISON RAKOTOMAHARO

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana

ANTENIMIERAMPIRENENA

VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA-053/2004

FAMELABELARANA NY ANTONANTONY,

Mba ho fanamafisana sy fanalalahana ny fifandraisana ara-toe-karena amin'ny any ivelany, ny Repoblikan'i Madagasikara dia nanao fifanarahana momba ny famporisihana sy fiarovana ny fampiasam-bola tamin'ny Tahirin'i OPEP ho amin'ny Fampanandrosoana Iraisam-pirenena ny 2 septambra 2004.

Ny tanjon'ny fifanarahana

Ny tanjony dia ny mba hamporisika sy hiaro ny fampiasam-bola vahiny entina hamokarana.

Ny singa hita ao amin'ny fifanarahana

Ankoatry ny famaritana ny voambolana sasany fampiasa, ny fifanarahana dia maneho foto-kevitra ny lalàna Iraisam-pirenena izay mifehy ny fitondrana sy ny fiarovana ny fampiasam-bola hamokarana.

I - Ny fitondrana ny fampiasam-bola hamokarana

Ny fitondrana ny firenena tena manana tombon-dahiny

Ny fampiasam-bola hamokaran'ny OPEP, na eo amin'ny fitsipika fandraisan'anjara na hoe amin'ny fitsipi-pitondrana, dia hiharan'ny fitondrana tsy latsan-danja amin'ny toe-javatra mitovy amin'ireo fampiasam-bola hamokarana ao anatin'ny rafi-panjakany ka ataon'ireo andrim-pitantanam-bola ho fampanandrosoana amin'ny sehatra maro atao amin'ny firenena mpampiantrano.

Araka ny fampiharana ny fitondrana ny firenena tena manana tombon-dahiny, raha misy andrim-pitantanam-bola ho fampanandrosoana amin'ny sehatra

maro mahazo fitondrana manome tombon-dahiny, dia afaka mangataka fitondrana mitovy amin'izany koa ny OPEP.

Io fitondrana io dia mihatra amin'ny orinasa, fanangonana, ny fampandrosoana ny fitantanana, ny fanenjehana, ny fitrandrahana, ny fivarotana, na ny endrika hafa mifandraika amin'ny fampiasam-bola hamokarana.

Ny fampiharana ny fitondrana ny firenena tena manana tombon-dahiny dia tsy midika ho fanerena ny firenena mpampiantrano mba hanaiky an'ireo fampiasam-bola hamokarana amin'ireo tombontsoa avy amin'ny fikambanana momba ny fadin-tseranana rehetra na toe-karena efa misy na ho avy, fari-pifanakalozana malalaka na izay rehetra endrim-pandaminana ara-toekarena efa misy na ho avy, fari-pandaminana ara-toekarena any amin'ny faritra ka mpikambana na ho mpikambana ao ny firenena mpampiantrano na, ny fifanarahana rehetra na ny fifanarahana roa na iraisam-pirenena mifandraika manokana na tanteraka amin'ny hetra.

Mangarahara

Madagasikara dia miantoka fa ny lalàna sy ny fitsipika misy eo aminy, sy ireo fitsipika ary ny fampiharana azy sy ireo fombam-pitantanan-draharaham-panjakana amin'ny ankapobeny, hatramin'ireo fanapahan-kevitra ara-pitsarana ka mahakasika ny fampiasam-bola hamokarana dia avoaka ampahibemaso na atao talakimasom-bahoaka araka ny lalàna mihatra amin'ny firenena mpampiantrano.

Fitondrana marina sy mahitsy

Madagasikara dia manaiky ny fitondrana marina sy mahitsy sy ny fiarovana ny fampiasam-bola hamokaran'ny tahirin'i OPEP izay atao eo amin'ny farim-panjakany. Omeny fitaovana ny Tahirin'i OPEP mba ahafahany mampiasa ny zony ary misakana izay fomba rehetra manimba amin'ny alàlan'ny fepetra tsy ara-drariny na manavaka, amin'ny fitantanana, ny fanenjehana, ny fitrandrahana ny fivarotana na ny endrika hafa momba ny fanoloana tompon'ny fampiasam-bola hamokarana ataon'ny Tahirin'i OPEP.

II - Fiarovana ny fampiasam-bola hamokarana

Fiarovana amin'ny fanesorana fananana

Madagasikara dia tsy afaka manaisotra na maka ho fananam-panjakana ny fampiasam-bola hamokarana, na mivantana izany na an-kolaka amin'ny alàlan'ny fepetra mitovy mikasika ny fanesoram-pananana na fangalana ho fananam-panjakana raha tsy hoe ilaina amin'ny tombontsoam-bahoaka, ka ny tambiny dia fandoavana onitra mifanentana ary mifanaraka amin'ny toro-lalana sy ireo fepetra fototra.

Fepetra mifandraika amin'ny fatiantoka

Ny fitondrana ny firenena tena manana tombon-dahiny dia mihatra amin'ny Tahirin'i OPEP mikasika ny fepetra raisina rehetra noho ny fatiantoka izay mihatra tamin'ny fampiasam-bola hamokarana ao anatin'ny lafi-panjakany vokatry ny ady, na ny ady amam-basy, na noho ny tolona, na fepetra raisina amin'ny tany miady, na fanoherana ara-miaramila, na tsy filaminana, na toedraharaha mitovy amin'izany.

Fepetra mikasika ireo fandoavam-bola sy Famindrana

Madagasikara dia :

Mamela ireo famindrana mankany ivelan'ny rafi-panjakany ny Tahirimbola avy amin'ireo fampiasam-bola hamokarana ataon'i OPEP, mba ho fampiharana ireo lalàna efa misy.

Na dia izany aza, tsy voakasik'ireo famindrana ireto lalàna mifandraika amin'ireto toe-javatra ireto :

Ny bankiompitra, ny tsy fandoavan-trosa, ny fiarovana ny zon'ny tompon-trosa

Famoahana, fifampiaraharaha, ny famarotana ireo fananana,

Ireo fandikan-dalàna mahavoasazy

Ny fanajana ireo hitsivolana na ireo fanapahan-kevitra havoakan'ny fitsarana.

Fandaminana ny ady

Rehefa miseho ny ady na olana avy amin'ny fifanarahana dia tokony miezaka ny roa tonta hifandamina sy hifanatona. Raha tsy misy ny fifanarahana dia halefan'ny roa tonta any amin'ny fitsarana manokana araka ny fitsipi-

pitsaran'ny vaomieran'ny firenena mikambana momban'ny lalàna ara-barotra iraisam-pirenena (CNUDCI).

Faharetan'ny fifanarahana

(vanim-potoana mampanan-kery azy)

Manan-kery mandritry ny folo taona (10 taona) ity fifanarahana momba ny famporisihina sy fiarovana ny fampiasam-bola hamokarana ity.

Fanafoanana ny fifanarahana

Ny tsirairay ao anaty fifanarahana dia afaka manafoana ny fifanarahana ao anatin'ny folo taona na amin'ny fotoana rehetra fa tsy maintsy mamandre herintaona mialoha ny ankilany.

Ny Minisitry ny toekarena, ny fitantanam-bola ary ny teti-bola no miandraikitra ny famelabelarana ny antonantony sy manohana ny ady hevitra.

Izany sy izany, no anton'ity Volavolan-dalàna ity.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana

ANTENIMIERAMPIRENENA

VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA 053/04 tamin'ny 24 novambra 2004
anomezan-dalana ny fankatoavana ny fifanarahana tamin'ny 02 septambra 2004 teo
amin'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Tahirin'i OPEP ho amin'ny Fampandrosoana
Iraisam-pirenena momba ny fampandrosoana sy ny fiarovana ny fampiasam-bola

Nolanian'ny Antenimierampirenena tamin'ny fivoriana izay nataony ny
faha....., izao Volavolan-dalàna manaraka izao :

Andininy voalohany - Omen-dalàna ny fankatoavana ny fifanarahana
tamin'ny 02 septambra 2004 teo amin'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny
Tahirin'i OPEP ho amin'ny Fampandrosoana Iraisam-pirenena momba ny
fampandrosoana sy ny fiarovana ny fampiasam-bola.

And. faharoa - Izao lalàna izao dia havoaka amin'ny Gazetim-
panjakan'ny Repoblika. Havoaka hanan-kery ho lalàm-panjakana.

Antananarivo, faha

NY FILOHAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA,

NY SEKRETERA,

LAHINIRIKO Jean

**FIFANARAHANA MOMBA NY FAMPORISIHINA SY FIAROVANA NY
FAMPIASAM-BOLA HAMOKARANA**

IFANAOVAN'NY REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

SY

**NY TAHIRY OPEP MOMBA NY FAMPANDROSOANA
IRASAM-PIRENENA**

Fifanarahana ifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara antsoina hoe « Firenena Mpampiantrano » sy ny Tahiry OPEP momba ny Fampandrosoana Iraisam-pirenena antsoina hoe « Tahiry OPEP ».

Noho ny fahatsapan'ireo firenena mpikambana ao amin'ny OPEP fa ilaina ny firaisankinany amin'ireo firenena andalam-pandrosoana sy ny mahazava-dehibe ny fiaraha-miasa ara-bola amin'izy ireo sy ireo firenena hafa an-dalam-pandrosoana dia naorina ny Tahiry OPEP mba hanohanana ara-bola ireo tany andalam-pandrosoana ireo, ankoatra ny fomba famatsiam-bola efa misy ataon'ny firenena iray na fikambanana iraisam-pirenena ka hitondran'ireo firenena mpikambana ao amin'ny OPEP ny Fanampiany ara-bola ho an'ireo firenena hafa an-dalam-pandrosoana,

Ary noho ny fandinihina fa Ireo firenena mikambana ao amin'ny OPEP, eo andanin'izany, dia manome fahefana ny Tahiry OPEP mba handray anjara sy hamporisika ny fivezivezen'ny renivola mankany amin'ireo firenena ireo, ary singanina amin'izany ny fanampiana famatsiam-bola ireo asan'ny sehatra tsy miankina ka miantraika any amin'ireo sehatra voakasika ao anatin'ny fari-panjakan'ireo firenena andalam-pandrosoana, izay ny firenena mpampiantrano mba hanana ny fomba fijery mahomby amin'ny tanjom-piaraha miasa ara-bola voalaza etsy ambony.

Ary noho ny fandinihina fa ny firenena mpampiantrano sy ny Tahiry OPEP dia nahatsapa ny fahamarinan-toeran'ny fampiasam-bola eritreretina hatao dia hitarika fahombiazan'ny loharanom-bola ara toe-karena sy hitondrana fampiasana ny anjara biriky amin'ny fanatsarana ny fari-piainana, ka noho izany dia nanapa-kevitra hanao fifanarahana momba ny famporisihina sy fiarovana ireo asa momba ny fampiasambola hamokarana ireo.

Koa, vokatr'izany, ny andaniny sy ny ankilany amin'izao fifanarahana izao dia

mifanaiky toy izao manaraka izao.

ANDININY 1

FAMARITANA

1.01. Isaky ny ampiasaina ao anatin'izao fifanarahana izao, raha tsy hoe misy antony hafa mifanohitra amin'ny toe-javatra voalaza ato, ireto teny manaraka ireto dia manana heviny toy izao manaraka izao.

Ny hoe « fampiasam-bola hamokarana » dia ireo karazana fampiasam-bola hamokarana rehetra ataon'ny Tahiry OPEP na harahiny maso, mivantana na ankolaka ary ao anatin'ny fari-panjakan'ny firenena mpampiantrano ary tsy misy fiantraikany amin'ny fanorisoritana amin'ny ankapobeny voalaza teo aloha. Ao anatin'izany ireo famatsiam-bola isan-karazany na manana endrika : Petrabola, sora-pizakana na ireo endrika fandraisana anjara hafa, na ireo taratasim-bola notrosaina natao antoka na tsia, ireo trosa na endrika soram-pizakan-trosa hafa ataon'ny orin'asa na fiombonam-barotra.

Ny fananana azo tsapain-tanana, toy ny trano, fanaka ary ireo fananana tsy hita vatana toy ireo zo, toy ireo fifanaraham-panofana, ireo antoka, ireo zo hahazoana mitazona ireo fanekena misy antoka, ary ireo zo hanefana ny endrika sora-pizakan-trosa sasantsasany.

Ireo zo nateraky ny fifanarahana, toy ny avy amin'ireo fifanarahana fanamboarana na fitantanana, ireo fifanaraham-pamokarana na fizarana tombom-barotra, ireo fanomezan-dalàna hisahana, na ireo endrim-pifanarahana hafa.

Zo nateraky ny lalàna na mba ho fampiharana ny lalàna toy ny fahazoan-dalàna hivarotra na hitondra fiarakodia ; ary

Fizaka manana ara-tsaina, toy ireo zo ahazoana mamokatra (mamorona) sy ireo zo mifandraika aminy, ireo fanamarinana famoronana, ireo sary ara-indostria, hatramin'ny fisahanan-draharaha mpanoro hevitra sy ireo vaovao miafina ara-barotra.

Ny hoe « Orin'asa » na « fiombonan'asa » dia ireo rehetra voakasika ka naorina hifanaraka amin'ireo lalàna sy fitsipika misy ao amin'ny firenena mpampiantrano, azy na arahiny maso manontolo na ampahany ataon'ny Sampan-draharaha tsy miankina na ny fanjakana, na ireo rantsa-mangaikam-panjakana, toy ny fiombonan'asa mampiasa vola, fiombonan'asa mampiasa olona ary ny Orin'asa na rantsan'orinasa iombonana na manokana, fikambanana na ny lamina hafa rehetra.

Ny hoe « Tahiry OPEP » dia iantsoana ny Tahirim-bola OPEP iraisam-pirenena momba ny fampandrosoana naorin'ireo firenena mikambana ao anatin'ny fikambanan'ireo tany mpanondrana solitany (OPEP) vokatry ny fifanarahana nosoniavina tao Paris ny 28 janoary 1976, ary nasiam-panovana.

Ny hoe « Firenena Mpampiantrano », dia iantsoana ny Repoblikan'i Madagasikara, ka ireo fisandrahana ara-politika rehetra na fandraharan'io firenena io.

Ny hoe « fari-panjakana, dia iantsoana ny fari-panjakan'ny firenena mpampiantrano, izay ny fari-dranomasina hatramin'ny faritra ara-toekarena manokana izay hananan'ny firenena mpampiantrano zo tsy refesi-mandidy ho fizahan-taratra, fitrandrahana fitehirizana ary fitantanana ireo harena voajanahary, zava-manan'aina, na tsia fari-dranomasina, harena andranomasina, harena ambanin'ny tany.

ANDININY II

FITSIPIKA FOTOTRA ANKAPOBENY

2.01. Mikasika ny fananganana, fividianana fampandrosoana, fitantanana, fanenjehana, fitrandrahana na famarotana na endrika hafa, ny famindran-tompo ny fampiasambola hamokarana, ny firenena mpampiantrano dia manaiky mampiantra ny fitondrana tsy latsa-danja amin'ny toe-javatra mitovy amin'ireo fampiasam-bola hamokarana ao anatin'ny rafi-panjakany ka ataon'ireo andrim-pitantanam-bola ho fampandrosoana amin'ny sehatra maro. Atao ao amin'ny firenena mpampiantrano izany dia antsoina hoe « firenena tena omena tombondahiny ».

2.02. Ny Firenena mpampiantrano dia mihantoka fa ny lalana misy ao aminy sy ireo fitsipika ary ny fampiharana azy sy ireo Fombam-pitantanan-draharahampanjakana amin'ny ankapobeny, hatramin'ireo fanampahan-kevitra ara-pitsarana misy ao amin'ny taniny ka mahakasika ny fampiasam-bola hamokarana, ka manana fiantraikany amin'ireo dia avoaka ampahabehimaso na atao talakimasom-bahoaka araka ny lalàna sy ireo fomba arahina mihatra ao amin'ny firenena mpampiantrano.

2.03. Ny Firenena mpampiantrano dia manome fomba mahomby mba hampanan-danja ireo fangatahana sy fampidirana ireo zo ateraky ny fampiasambola hamokarana ary mandrara na misakana izay fomba rehetra manimba, amin'ny alàlan'ny fepetra tsy ara-drariny na manavaka, amin'ny fitantanana, ny fanenjehana, ny fitrandrahana, ny fivarotana na ny endrika hafa momba ny fanoloana tompo ny fampiasam-bola hamokarana rehetra mifandraika amin'ireo fampiasam-bola hamokarana ireo.

2.04. Ny Firenena mpampiantrano dia manaiky ny hanatanterahana ny fampiasam-bola hamokarana ao amin'ny fari-panjakany amin'ny fotoana rehetra, ary amin'ny fitondrana marina sy mahitsy ary voaaro tanteraka ary misakana izay fomba rehetra mety ho fitondrana tsy manome tombondahiny

araka izay voalazan'ny lalàna iraisam-pirenena.

2.05. Ny Firenena mpampiantrano, araka ny voalazan'io lalana sy fitsipika, misy ao aminy dia manaiky fa ny tahiry OPEP sy ny fampiasam-bola hamokarana ataony, na raha misy amin'ny olona ampiasainy na ireo nomeny fahefana na ireo solontenan'ny OPEP hafa dia ampiharana ny fitondrana tsy latsa-danja amin'izay omen'ny Firenena mpampiantrano ny firenena tena manana tombon-dahiny amin'ny fampiasam-bola hamokarana ataony (antsoina hoe fitondrana ny firenena tena manana tombon-dahiny) ary voasahin'io fitondrana io, tsisy fepetra, ny famoahana fahazoan-dàlana hiditra sy hivoaka ary ireo fahazoan-dàlana hitsofoka na hitoetra ao amin'ny fari-panjakany mba ho fanampariahana na fampahafantarana fanombanana ary fananganana na ny fisahanan-draharaha, fanafoanana na famarotana amin'ny fomba rehetra ny fampiasam-bola hamokarana rehetra ao anatin'ny fari-panjakany na ireo asa hafa rehetra mifandray amin'ilay fampiasam-bola hamokarana.

2.06. Ny fampiharana ny fitondrana ny firenena tena manana tombon-dahiny dia tsy midika ho fanerena ny firenena mpampiantrano mba hanaiky an'ireo fampiasam-bola hamokarana amin'ireo tombontsoa avy amin'ny :

Fikambanana momba ny fadintseranana rehetra na toekarena efa misy na ho avy, fari-pifanakalozana malalaka na izay rehetra endrim-pandaminana ara-toekarena any amin'ny faritra ka mpikambana na ho mpikambana ao ny firenena mpampiantrano na

Tsy manimba ny voalazan'andiny VII, ny fifanarahana rehetra na fifanarahana firenena roa na iraisam-pirenena mifandraika manokana na tanteraka amin'ny hetra.

ANDININY III

FAMPAHAFANTARANA MIALOHA NY SOSO-KEVITRA MBA HANAOVANA FAMPIASAM-BOLA HAMOKARANA

3.01. Alohan'ny hanombohana ny fampiasam-bola hamokarana rehetra dia tsy maintsy mampahafantatra amin'ny firenena mpampiantrano ny fampiasam-bola hamokarana hataony ny Tahiry OPEP, ka atao toy ny endrika tolokevitra vinavinan'asa an-tsoratra. Io tolokevitra io dia ahitana fanambarana fohy mikasika ny fampiasam-bola hamokarana vinavinaina hatao ary halefan'ny Tahiry OPEP any amin'ny minisitry ny vola, na amin'ny solontena hafan'ny firenena mpampiantrano voatondro hisahana izany, mba ho tena dinihina malalaka.

3.02. Ny Tahiry OPEP dia tsy afaka mamatsy ny fampiasam-bola hamokarana rehetra ao anatin'ny fari-panjakan'ny firenena mpampiantrano raha toa ny Governemantan'ny firenena mpampiantrano ka misakana izany famatsiam-bola izany.

ANDININY IV

FANESORANA FANANANA

4.01. Ny firenena mpampiantrano dia tsy afaka manaisotra na maka ho fananam-panjakana ny fampiasam-bola hamokarana, na mivantana izany na ankolaka amin'ny alàlan'ny fepetra mitovy mikasika ny fanesoram-pananana na fangalana ho fananam-panjakana, raha tsy hoe ilaina amin'ny tombontsoam-bahoaka, tsy hanavahana, ka ny tambiny dia fandoavana onitra haingana sy mifanentana ary mifanaraka amin'ny toro lalàna sy ireo fepetra fototra ankapobeny momba ny fitondrana voalazan'ny andininy II eo ambony.

4.02. Ny onitra na tamby dia arotsaka tsisy fe-potoana ary mitovy tanteraka amin'ny sandam-bola eo amin'ny tsenan'ny fampiasam-bola hamokarana voaesotra, tomanana alohan'ny fanekena ny fepetra raisina momba ny fanesorana fananana, ary aloa iray manontolo ary azo hafindra malalaka. Ny fiovaovan'ny sanda-pampiasam-bola hamokarana nohon'ny fahalalana mialoha ny fepetra raisina momba ny fanesorana fananana, izay fantatra mialohan'ny vaninandron'ny fanesorana fananana na ny fampiharana azy dia tsy mampihena ny sandany amin'ny tena sanda eo amin'ny tsenan'io fampiasam-bola hamokarana io.

ANDININY V

FANOMEZANA TAMBY IREO FATIANTOKA

5.01 Ny firenena mpampiantrano dia manaiiky hampiantra ny fitondrana ny firenena tena manana tombon-dahiny, mikasika ny fepetra raisina rehetra noho ny fatiantoka izay mihatra tamin'ireo fampiasam-bola hamokarana ao anatin'ny fari-panjakany vokatry ny ady na noho ny ady आम-basy rehetra, na noho ny tolona revolisiona na fepetra raisina amin'ny tany miady na fanoherana ara-miaramila na tsy filaminana na toe-draharaha mitovy amin'izany.

ANDININY VI

FANDOAVAM-BOLA SY FAMINDRANA MALALAKA

6.01 Ny firenena mpampiantrano dia mamela malalaka ireo famindrana rehetra mifandraika amin'ny fampiasam-bola hamokarana ka izany dia tsy misy fepetra na fe-potoana mba ho alefa any amin'ny taniny. Ireto avy izany famindrana malalaka izany :

Ny tondram-pananana ara-bola

Ireo tombony, ireo ambony ampanga, ary ireo vokatra avy amin'ny varotra manontolo na ampahany tamin'ny fampiasam-bola hamokarana na ny famaranam-pananana iray manontolo ampahan'ny fampiasam-bola hamokarana Ireo renintrosa, ireo zana-bola, ireo sara amin'ny vokatra, ireo saram-pitantanana, ireo sara amin'ny fanampiana arateknika sy ny hafa
Ireo fandoavam-bola ao anatin'ny fifanarahana avy
Ireo tamby arotsaka mba ho fampiharana ireo andininy IV sy V.

6.02. Ny firenena mpampiantrano dia mamela malalaka ny famindrana atao amin'ny vola vahiny azo atakalo malalaka amin'ny taham-pifanakalozana mihatra eo amin'ny tsena, ka izany dia raisina amin'ny vaninandron'ny famindrana.

6.03. Na dia eo aza ireo andalana 6.01 sy 6.02 ireo, ny firenena mpampiantrano dia afaka mandà ny famindrana mba ho fampiharana tsy misy hanavahana ary mifanaraka indrindra amin'ny lalàna misy ao aminy amin'ireto toe-javatra ireto :

Bankiompitra, tsy fanefana trosa, na fiarovana ny zon'ny mpanan-trosa
Famoahana, fifampiraharahana, na fivarotana fanaka (fananana)
Ireo fandikan-dalàna mahavoasazy
Fanajana ireo didy hitsivolana na fanampahan-kevitra avoakan'ny fitsarana.

6.04. Na dia eo aza ireo andalana 6.01 sy 6.02 ireo, ireo famindrana malalaka sy fandoavam-bola hafa izay ataon'ny tahiry OPEP ao anatin'ny fampiasam-bola hamokarana dia misy fetrany, araka ireo fitsipika na ireo fanaraha-maso eo amin'ny fifanakalozana ankapobeny, izay mihantra ao anatin'ny firenena mpampiantrano, avy amin'ny fahaserotana izay tsy mitranga matetika misy eo amin'ny toe-danja-pifanakalozana ivelany izay amin'ny fotoana voafetra ary ao anatin'ny taom-piasana mba ho fampiharana fahefana araka ny rariny sy hitsiny izay voalazan'ny lalàna amin'izany.

ANDININY VII

FANESORAN-KETRA

7.01. Araka ireo fitsipika fototra ankapobeny novelabelarina tao amin'ny andininy II ary, singanina manokana eto izay voalaza momba ny fitondrana ny firenena tena manana tombon-dahiny. Ny Tahiry OPEP, ny fananany, ny entany, ny asa-marika ary ny andraikitra taratasim-bola notrosaina na sandampananana navoaka na antoka nataon'ny Tahiry OPEP, ary ireo asa mariky ny fanjarin'asa rehetra ataon'ny tahiry OPEP ao anatin'ny fampiasam-bola hamokarana rehetra ataony ao anatin'ny fari-panjakan'ny firenena mpampiantrano, izay anomezan'ity fifanarahana ity alalàna na mba ho fampiharana ity fifanarahana ity dia mahazo fanesoran-ketra avy amin'ny fitazonan-ketra atao amin'ny loharanom-bola na ireo hetra rehetra manana endrika hafa ka avy amin'ny hetra alaina amin'ny anjara tombontsoan'ny tompon'ampahan-drenivola na fandoavam-bola hafa na fifanakalozana voalaza na ho fampiharana ny andalana 6.01 na ireo fakana mialoha na ireo zo nateraky ny taratasim-barotra, na hiharan'ny hetra alain'ny firenena mpampiantrano na ao anatin'ny fari-panjakany, ary ireo rehetra mifandraika amin'ity andininy ity ho an'ny tahiry OPEP dia antsoina hoe "mutatis mutandis" ao anatin'izany ny olona ampiasain'ny OPEP izay voasoritra ao amin'ny andalana 2.05 eo ambony.

7.02. Na dia eo aza ny andalana 7.01 dia misy ireto toe-javatra manaraka ireto :

araka ny voalaza ato mifandraika amin'ny voalaza momba ny olona ampiasain'ny OPEP dia tsy ao anatin'ny ireo olona avy amin'ny firenena na ireo olona hafa mipetraka ao amin'ny firenena mpampiantrano
Ireo orin'asa rehetra hananan'ny Tahiry OPEP fampiasam-bola hamokarana dia heverina mandrakariva ho toy ny eo ambany lalàna sy fitsipikin'ny Firenena Mpampiantrano, tsy manohintohina ny toetra ankapobeny, ireo lalàna sy fitsipika ampiharina momba ny hetra rehetra, na ireo endrika hafa rehetra ampiharina momba ny sampan-draharaha mikasika ny hetra.

ANDININY VIII

FAKA-KEVITRA (FIFANDAMINANA)

8.01 Ny roa tonta ato anatin'ity fifanarahana ity dia mifandamina tsy misy hatak'andro, amin'ny alàlan'ny fangatahana ataon'ny iray aminy, mba hamahana ny olana sy ny tsy fifanarahana rehetra na ny fangatahana na fandravana an'ity fifanarahana ity, na fanafoanana na izay mikasika ny fandikan-teny na ny fampiharana ity fifanarahana ity sy fanatanterahina ireo tanjona ato anaty fifanarahana.

ANDININY IX

FITSIPIKA MANOKANA MIKASIKA NY FANDAMINANA NY TSY FIFANARAHANA

9.01. Ny fifanolanana sy ny tsy fifanarahana rehetra na ny fangatahana rehetra mikasika ity fifanarahana ity na mifandraika amin'ny fanafoanana na ny dikan-tenin'ity fifanarahana ka tsy voavaha amin'ny alalan' nyfifandaminana eo amin'ny andaniny sy ankilany dia alefa any amin'ny fitsarana araka ny fangatahan'ny andaniny iray, ka ny didim-pitsarana mivoaka eo dia manankery ary tanterahina araka ireo fitsipika ampiharina amin'ny lalàna iraisam-pirenena.

9.02. Raha toa ka tsy misy ny fifanarahan'ny roa tonta, dia ny fitsipika misy ampiharina amin'ny fifanolanana eo amin'ny CNUDCI no mihantra ary manankery amin'ny vaninandron'ity fifanarahana ity.

Ny firenena mpampiantrano sy ny Tahiry OPEP dia manendry mpitsara iray avy ka ireo mpitsara roa tinendry no miaraka manendry mpitsara iray fahatelo ka io no filoha, raha tsy misy ny fifanarahana eo amin'ireo mpitsara roa tinendrin'ny andaniny sy ny ankilany ireo, dia ny fitsarana iraisam-pirenena miandraikitra ny fandaminana ny tsy fifanarahana ao Paris, Frantsa no manendry ilay mpitsara fahatelo . Raha toa ny fitsipi-pandaminan'ny CNUDCI ka tsy milaza ny zava-miseho manokana, dia manapa-kevitra ireo mpitsara amin'ny fepetra tokony ho raisina ka izany dia atao amin'ny fitazonanana ny tsiambaratelo, ary io no fanapaha-kevitra farany raisin'ny mpitsara.

9.03. Ny fifandaminana rehetra mikasika ny zava-boalazan'ity fifanarahana ity dia mizotra araka ny tokony ho izy (tsy ny firenena mpampiantrano na ny firenena mikambana ao amin'ny tahiry OPEP) fa araka ny fifanarahana nataon'ny firenena mikambana manaiky sy manatanteraka ireo fifandaminana ny didim-pitsarana vahiny, natao tao New York, Etazonia an'i Amerika tamin'ny 10 Jona 1958, ary ny teny nampiasaina indrindra mandritry ny fepotoam-pitsarana sy ny fizotry ny fitsarana rehetra dia Anglisy sy Frantsay.

9.04. Ny tsirairay avy ao anatin'ity fifanarahana ity dia tokony tsy hitazona ny fisian'ny zo tsy azo hivalozana hananany intsony na ny mikasika ireo fananany fa ampiharina sy tanterahana ny didy navoakan'ny fitsarana araka izay zava-boalaza sy ho fampiharana ity fifanarahana ity.

ANDININY X

LALANA AMPIHARINA

10.01. Ity fifanarahana ity sy ireo antontataratasy rehetra voasonia ka

mifandraika aminy, na amin'ny fampananan-kery, na fampiharana na fandikana ary ireo olana aterak'izany dia voafaritra ao amin'ireo Fepetra ampiharina ao anatin'ity fifanarahana ity ary fenoina amin'ireo fitsipika fototra ampiharina eo amin'ny lalàna iraisam-pirenena ary (ex-aequo et bono).

ANDININY XI

FITAZONANA IREO ZO SY ANDRAIKITRA HAFA

11.01. Ity fifanarahana ity dia tsy midika ho fanintarana ireo andraikitry ny firenena mpampiantrano araka ireto zava-boalazan'ny fepetra manaraka ireto, indrindra raha toa ireo fepetra ireo ka manome tombony ireo fampiasam-bola hamokarana mba ho fitondrana tena mahazo tombon-dahiny mihoatra ny omen'ity fifanarahana ity. Izany hoe :

Ireo lalàna sy fitsipika, fampiharana ny fitsipi-pitondrana na ireo fanampahan-kevitra ara-panjakana na ara-panjakana na ara-pitsaranan'ny firenena mpampiantrano,

Ireo andraikitra hafa rehetra izay mamatotra ny andaniny sy ny ankilany ao anatin'izao fifanarahana izao, ka ireo izay nahazoana fahazoan-dalàna ho amin'ny fampiasam-bola hamokarana na fifanarahana iray na izay sora-panekena hafa rehetra manan-kery ara-dalàna mba hampiasam-bola hamokarana na ny mifandraika aminy.

ANDININY XII

SERASERA

12.01. Ireo fampahafantarana rehetra ireo na ireo serasera ka tsy maintsy alefa na nahazoana alalana ny fandefasana azy dia atao an-tsoratra. Io fampahafantarana na serasera io dia heverina, araka izay takiana aminy, dia manan-danja ary tanterahina raha vao voarain'ilay ankilany na amin'ny alalan'ny fifanakalozana an-taratsy na télex na fax na fomba serasera ara herin'aratra na ny adiresy hajia rehetra voatondron'ny andaniny voalaza an-tsoratra mankany amin'ny ankilany tiana hampahafantarina na andefasana ny serasera.

Ho an'ny Firenena Mpampiantrano
Governemantan'ny Repoblikan'i Madagasikara

Ny Minisitry ny Vola
Ministeran'ny toe-karena sy fitantanam-bola ary teti-bola

Telekopia

Ho an'ny Tahiry OPEP
Ny Tale Jeneraly
B.P. 995
Autriche - Vienna

ANDININY XIII

FAMPANANANA HERY SY FAHARETANY ARY FANAFOANANA

13.01. Manankery izao fifanarahana izao raha vao voarain'ny tahiry OPEP ny taratasy milaza ny fankatoavan-dalàna, hevitra, na taratsy fanamarinan'ny mpisolovava na ireo porofo rehetra faneken'ny firenena mpampiantrano izao fifanarahana izao ary amin'ny fandefasan'ny Tahiry OPEP taratasy manamarina fa afa-po tamin'ireo taratasy ara-dalàna notadiaviny ireo izy.

13.02. Folo taona no faharetan'ny fananan-kerin'izao fifanarahana izao mandrapahafoana azy araka ny andalàna 13.03.

13.03. Ny andaniny sy ankilany dia afaka manafaoana izao fifanarahana izao amin'ny fotoana rehetra ao anatin'ny 10 taona voalohany ka izany dia arahina fampanandresana an-tsoratra herin-taona mialoha mankany amin'ny ankilany.

13.04. Na dia eo aza ny fanafoanana izao fifanarahana izao, ny fepetra hafa rehetra voalaza ato, afa-tsy ny fanaovana fampiasam-bola hamokarana vaovao, dia mitohy ary mihatra amin'ny fampiasam-bola hamokarana hatao na azo alohan'ny vaninandron'ny fanafoanana ary mitohy manan-kery mandritra ny famenom-potoana folo taona miantomboka amin'io vaninandro io.

Noho izany sy izany ary ny andaniny sy ankilany amin'izao fifanarahana izao, dia manana solontena voatondro, hanasonia izao fifanarahana izao ho dika roa mitovy avy, amin'ny teny Anglisy sy Frantsay,

Ny dika mitovy tsirairay dia heverina ho toy ny matoan-tsoratra ary manana sanda mitovy.

Ho an'ny Repoblikan'i Madagasikara

Sonia

Anarana

Vaninandron'ny fanaovan-tsonia

Ho an'ny Tahiry OPEP iraisam-pirenena ho an'ny Fampandrosoana

Sonia

Anarana

Vaninandron'ny fanaovan-tsonia